TETEZAN'AMBOHIMANGAKELY

Lasa fanariana fako sy fanaovana maloto

Tsikaritra tato ho ato fa zary lasa toerana fanariana fako sy fanaovana maloto, ho an'ny Olombelona manam-panahy ny ao ambanin'ny tetezan'Ambohimangakely. Manomboka mameno ny toerana ireo akora plastika toy ny tavoahangy, rovitra sobika sy akanjo, fako avy any antokantrano… Maro amin' ireo olona eo amin'ny manodidina ihany koa no mivalan-drano sy ventiny ao ambany tetezana tsy antoandro tsy alina.

Ny tetezan'Ambohimangakely, feno loto ao ambaniny.

Mandrora mitsilany…

Tanteraka ara-bakiteny tokoa, araka izany, ny hoe : Mandrora mitsilany ka mahavoa tena ihany ireo mpanary fako sy mpanao maloto aoambany tetezan'Ambohimangakely. Maloto ary tsy ara-pahasalamana intsony ny rano mandalo ao ambanin'ny tetezan'Ambohimangakely noho ny fandotoana ataon'ireo maty eritreritra sasantsasany. Ny rano mikoriana ao, izay akora fototra ilain'ny olona eny an-toerana, anasana lamba, hanadiovana ireo vokatry ny tany amidy eny an-tsena. Ity farany izay marihana fa efa nafindran' ny kaominina eo amin'ny tany malalaka manakaiky ny tetezana.

Mila fanaraha-maso hentitra avy amin'ireo tomponandraikitry ny Kaominina, araka izany, ny fananan'ny isan-tokantrano lavapako isorohana ny tahaka izao. Hiditra tsy ho ela anatin'ny vanim-potoana mampirongatra ny valanaretina pesta rahateo isika sy mbola anatin'ny fiatrehana ny covid-19 koa mila mandala fatratra ny fahadiovana ny isam-batan'olona, mba hananana fahasalamana lavitry ny aretina. Mila ampitomboina, araka izany, ny fanariam-pako ary hamafisina ny fanaraha-maso sy ny fanentanana ireo mponina hikajy ny fahadiovana. Sa miandry sazy henjana indray vao ho tonga saina e ?

Lalasoa R.

By-pass

Lehilahy nitaingina bisikileta, maty voafaokana taksibe

Nisehoana lozam-pifamoivoizana namoizana ain'olona omaly vao maraina teny amin'ny By-pass, amin'ny faritra manodidina ny renivohitra iny. Lehilahy iray nitaingina bisikileta no maty tsy tra-drano, voafaokan'ny taksi-be zotra E avy any Ambohimangakely izy, rehefa handeha hamonjy asa maraina. Mila mitandrina hatrany noho izany, na ny mpitondra bisikileta, na mpitondra taksibe amin'iny faritra iny, satria tsar any lalana, ka samy te-handeha mafy avokoa, ny loza anefa tsy mampiomana, milo mailo hatrany noho izany ny mpampiasa ny lalana.

Niaina

Loza nitranga teny amin'ny By-pass omaly maraina.

RN2

Nitrangana lozam-pifamoivoizana mahatsiravina tao Moramanga

Nitrangana lozam-pifamoivoizana mahatsiravina indray ny lalampirenena faha-2 (RN2), tao Moramanga, faritra Alaotra Mangoro omaly. Fiara tsy mataho-dalana na 4 x 4 nandeha mafy sady nisongona tanaty fiolanana no nifandona tamina "Camion-semi", 12 km miala an'i Moramanga no nitrangan'ny loza. Ho any Toamasina ity fiara tsy mataho-dalana ity, naratra mafy ireo tao anatiny ary nanano-sarotra ny famoahana azy ireo tao anatin'ilay fiara. Ireo mponina manodidina no nanampy tamin'ny fisokirana ireo naratra. Potika tanteraka ilay fiara ary nivadika ambony ambany.

Niaina

Ilay fiara 4 x 4 niharan-doza omaly tany amin'ny RN2.

Maty voatifitra i Dodony

Dahalo nampihoroho an' Amboromalandy Marovoay

Miara-miasa akaiky amin'ny fampanjakana ny fandriampahalemana any amin'ny faritra Boeny amin'izao fotoana ny miaramila miasa any amin'iny faritra iny sy ny fokonolona. Nisy ny fanarahan-dia nataon'ireo miaramila avy amin'ny holafy 406/1RM4 tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, ka nifanehitra tamin'ny dahalo tao Mangatelo, kaominina Anjiajia distrikan' Ambato Boeny, faritra Boeny izy ireo. Vokany: tafaverina ny omby 19 nangalarin'ny dahalo ary lavo nandritra ny fifandonana ny dahalo antsoina hoe Dodony izay nampihorohoro ny mponina tao Amboromalandy Marovoay. Mbola miantso firaisankina amin'ny fokonolona hatrany ny mpitandro filaminana amin'ny fanomezam-baovao iadiana amin'izay tsy fandriampahalemana izay.

Stefa

Ny sasany amin'ireo miaramila miara-miasa amin'ny fokonolona, miady amin'ny tsy fandriampahalemana.

Fananan-tany

Mamaritra ny taniny ny Zandarimariam-pirenena Moramanga

Ny fandrefesana ny tanin'ny zandary ao Moramanga.

Ialana amin'ny fidiran'ny olona amin'ny taniny, miverina mamaritra ny taniny amin'izao fotoana ny Zandarimariam-pirenena ao Moramanga, faritra Alaotra Mangoro. Tontosaina mandritra ny 10 andro ny famerenana amin' ny laoniny ireo "bornes", na ny fananan-tany "titres" ao amin'ny kazerina "TRISTANI" ao an-drenivohitra Bezanozano. Nanomboka ny 5 oktobra teo, ka hatramin'ny 18 oktobra 2020 ho avy izao no hanatanterahina izany hetsika izany. Nisy ny fampahafantarana sy fampiomanana mialoha hoan' ireo fokontany sy ireo mponina manodidina rehetra, tamin'ny alalan'ny peta-drindrina sy ny filazana am-bava samy hafa momba izany. Mety hisy arak'izany ny olona tsy maintsy hiala amin'izany faritry ny tanin'ny Zandarimariam-pirenena izany. Miara-miasa amin'ny fanatanterahana ny hetsika ny zandary any an-toerana, sy ny sampan-draharahan'ny fandrefesantany ary ny sampan-draharahan'ny fananan-tany.

Aly

Kolikoly sy fanaparam-pahefana

Nidoboka ny lehiben'ny fonjan'Ambato Boeny

Eo amin'ny resaka ady amin'ny kolikoly, araka ny vaovao nampitain'ny Bianco, na ny Birao Mahaleotena misahana ny ady amin'ny Kolikoly any Mahajanga, faritra Boeny, nidiboka am-ponja ny lehiben'ny fonja, na ny Chef d'Etablissement any Ambato Boeny, noho ny kolikoly sy fanaparam-pahefana nataony. Nanao ny fanadihadiana sy famotorana tany an-toerana ny Bianco Mahajanga, nampiditra vonjy maika azy kosa, eo am-piandrasana ny fitsarana, ny Tribonaly Ambaratonga Voalohany any an-drenivohitry ny faritra Boeny. Iampangana ity lehiben'ny fonja ity ny fanodinany ny sakafo sy ireo zavatra samy hafa tokony homena ireo voafonja. Manana tany mirefy 300 ha ity fonja ity, manana alalana hampanofa izany amin'ny tantsaha manodidina izay lehiben' ny fonja any an-toerana. Ho takalony, ny 200 kg amin'ny vokatra miakatra isaky ny hekitara dia tokony hatao ho sakafon' ireo olona migadra ao Ambato Boeny. Namidin' ity lehiben'ny fonja ity sy nakany tombony tamin' ireo mpanangom-bokatra tany an-toerana anefa izany vokatra niakatra izany, fa tsy nomeny ho sakafon'ireo voafonja. Ka izay no nanenjehana azy izao ka nidirany am-ponja.

Ny biraon'ny Bianco any Mahajanga, faritra Boeny.

Niaina